Aza miraiki-po amin'ny fiainana eto an-tany dia ho tian'i Tompo Allah Ianao; ary aza misahirana amin'izay eny am-pelatanan'ny Olona dia ho tian'Olona Ianao

Niteny Abo Al-'abbaasi, Sahalo Ibn San'di As-saa'idi (R.A), fa nisy lehilahy iray tonga tamin'ny Mpaminany (S.W.A) ka nilaza hoe : Ry Irakan'i Tompo Allah ! Atoroy asa Aho, raha manao azy Aho dia ho tian'i Tompo Allah ary ho tian'ny Olona ihany koa. Dia hoy Izy : Aza miraiki-po amin'ny fiainana eto an-tany dia ho tian'i Tompo Allah Ianao; ary aza misahirana amin'izay eny am-pelatanan'ny Olona dia ho tian'Olona Ianao.

[قال النووي: حديث حسن] [رواه ابن ماجه وغيره بأسانيد حسنة]

Nisy lehilahy iray nanontany an'ny Mpaminany (S.A) mba hitari-dàlana Azy amin'ny asa, raha ataony, dia ho tian'i Tompo Allah Izy ary ho tian'ny Olona izany. Ka hoy Mpaminany (S.A.W) Taminy : Ho tia Anao i Tompo Allah raha mahafoy ny zava-tsarobidin’izao tontolo izao sy izay tsy hahasoa Anao any an-koatra Ianao, ary mahafoy izay mety hanimba ny finoanao. Ary ho tia Anao ny Olona, raha mandà izay ananany amin’izao tontolo izao Ianao, Satria araka ny maha-izy azy no tiany, ka izay mifaninana Aminy dia halany tsy tiany, ary izay mahafoy izany ho Azy dia tiany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4307